HAFATRA AVY AMIN'NY FILOHAN'NY REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Andriamatoa Filoha,
Ramatoa sy Andriamatoa Solombavambahoaka isany,

Kihon-dàlana manan-danja eo amin'ny tantaram-pirenena no iainantsika indray amin'izao taon-jato faha roapolo madiva hifarana izao.

Nandahatra indray mantsy ny demokrasia izay tandrovantsika fatratra araka ny fotokevitra ajoron'ny Laläampanorenana ary nanendry tamin'ny alalan'ny fifidianana malalaka ny vahoaka Malagasy tompom-pahefana. **Ianareo no niantefan'ny safidiny hifarimbona amin'ny fanaovana ny lalàna hitondràna ny tany sy ny fanjakana**, koa manolotra anareo amim-pifaliana ny fiarahabana feno noho izany fanolorana adidy amin'ny Firenena izany izahay. Hotahin-Janahary anie ianareo ka sady hanana mandrakariva ny fahasalamana no homeny saina matsilo hahitana izay hevitra mendrika hampandroso ity Tanindrazana iombonantsika ity.

Miarahaba manokana koa anareo voafidy ho mambra ao amin'ny biraon'ny Antenimierampirenena izahay fa notsongaina tao anatin'ny maro ianareo ary niantefan'ny **fahatokisan'ny Solombavambahoaka** miara-tompon'adidy ka ahatsiarovanay ny fitenin-drazana hoe : « **vato nasondrotry ny tany, trafo nasondrotry ny nofo, zavona nasondrotry ny rano** » ary ampianay hoe « **Solombavambahoaka nasondrotry ny namany** ». Manaova mahavità, mitondrà mahazakà, mitantàna mahalamina, Tompokolahy (sy Tompokovavy) isany.

Efa lasa fiteny mahazatra ny mahamasina ny Tanindrazana sy ny asa atao ho azy. Tsy ianareo no hatoro izany. Tianay hararaotina ihany anefa izao fandraisanareo ny adidy mavesatra natolotry ny Vahoaka Malagasy anareo izao mba hidinidinihana sy hitafatafàna momba izao vaninandro miavaka diavintsika izao.

Volana vitsy lasa izao no nanapahan'ny vahoaka Malagasy tamin'ny latsabato nataony fa hasiam-panitsiana ny Laläampanorenana ka hajoro ny Faritany mizakatena enina eto amin'ny Repoblikan'i Madagasikara. Safidy lehibe tokoa izany ary mitaky **fihetsika sy fijery vaovao momba ny raharaham-pirenena.**

Vaovao satria mandritra ny fotoana tetezamita hametrahana ireo Andrimpanjakana sy ny rantsa-mahefa voatondron'ny Laläampanorenana dia

…/…

hifarimbona amin'ny fanaovan-dalàna isika. Vaovao satria tsy ho ambava na antsoratra fotsiny no hanatanterahana ny fizakantena fa hibaribary amin'ny asa rehetra ary **hataon'ny rehetra.** Vaovao satria mitaky fanovàna fotopisainana mba hanamafisana orina ny firaisampirenena eo amin'ny fanajàna ny fahasamihafàna isam-paritra.

Ankoatran'ny fanaovana hitsivolana mandamina ny « **lalàna lasitra** » hampijoroana ny andrim-panjakana dia apetraky ny Lalàm-panorenana aminay ny fandraisana, amin'ny alalan'ny **didim-panjakana atao eo amin'ny Filan-kevitry ny Minisitra**, ireo fepetra ilaina **hampijoroana ireo Faritany mizakatena enina** sy ireo rantsa-mahefa ao aminy. Hiezaka hanao izany haingana araka ny mahamety azy izahay. Tsapanay anefa fa tsy mahavita na inona na inona ny didy soratana fa mijanona amin'ny maha-taratasy fotsiny azy raha tsy atao amim-piniavana sy amin-kitsipo ny fanatanterahana azy ireny. Koa hararaotinay izao fanombohan'ny asan'ny Antenimierampirenena izao mba hanaingàna ny olomboafidy rehetra hiombom-pijery sy hiombom-pahavononana ary hiombon'asa aminay amin'ny fampiharana ny Lalàmpanorenana. **Hiara-miatrika ny fampandrosoana ny Faritany mizakatena isika mba hampiadam-pinaritra ny Mpiray Tanindrazana tsivakivolo.**

Ho famaranana izao hafatra izao, dia mitodika amin'ireo olona rehetra manana andraikitra eto amin'ny Firenena izahay na aiza na aiza toerana na sehatra anatrehany izany – na olomboafidy izy ireny na olomboatendry na olon'antoko politika na olon'ny sendikà, na mpilaza vaovao, na olom-pikambanana tsotra, eny na olona tsotra koa aza.

Manainga azy ireo izahay mba hisaintsaina sy handinika ary hikaroka izay fihetsika mahomby hanasoavana ny Firenena ka hampandeferiny tanteraka amin'izany ny hambopo sy ny fitiavantena ary ny tombotsoan'olombitsy eo anatrehan'ny tombotsoan'ny Daholobe. Faritany mizakatena mihoitra handroso, mifarimbona ka manao fiainam-bozaka araka ny ohabolan-drazana : « **ny lava manalokaloka ny fohy, ny fohy manohana ny lava** » no antoky ny maha-iray an'i Madagasikara ka andao hiaraha-manangana.

Dia samy ho « lehilahy mihosy, vehivavy mateti-panetsa, ka manao izay hahavoky ny ankizy anie isika mianakavy ; ho lava velona ary ho tahin-Janahary.

Misaotra Tompokovavy sy Tompokolahy.